


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Mankafy ny Fitahiana

Niaritra ny fahantrantsika i Jesosy mba handraisantsika anjara amin'ny farihany.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Andao hojerentsika ny lisitry ny ozona ao amin'ny Deoteronomia 28. Vakio hoany tenanao ity toko manontolo ity, ka diniho raha ankafizinao ny fitahiana na miaritra ozona. Raha zanak'Andriamanitra navotana isika, dia tsy antsika ny ozona, fa ny fitahiana. Aoka isika hifantoka manokana amin'ireo fitahiana sy ozona mifandray amin'ny harena sy ny fahantrana:

> " Fa raha tsy mihaino ny feon'i Jehovah Andriamanitrao kosa hianao ka tsy mitandrina hanaraka ny didiny rehetra sy ny lalàny, izay andidiako anao anio, dia ho tonga aminao sy hahatratra anao izao fanozonana rehetra izao, ... hozonina ny haronao sy ny vilia fanaova-mofonao... Dia hitsapatsapa hianao na dia amin'ny mitatao-vovonana aza tahaka ny fitsapatsapan'ny jamba ao amin'ny aizim-pito ka tsy ho tonga amin'izay halehanao... satria tsy nanompo an'i Jehovah Andriamanitrao tamin'ny hafaliana sy ny faharavoam-po hianao noho ny habetsahan'ny zavatra rehetra, hanompoanao ny fahavalonao izay hampandehanin'i Jehovah hiady aminao; dia hanisy zioga vy amin'ny vozonao ireny mandra-pandringany anao. (Deoteronomia 28:15, 17, 29, 47–48)

Ny sitrapon'Andriamanitra dia voalaza ao amin'ny andininy faha-47—dia ny hanompoantsika an'i Jehovah Andriamanitsika amin'ny fifaliana sy ny faharavoam-po noho ny haben'ny zavatra rehetra. Teny mahafinaritra miverimberina matetika ao amin'ny Baiboly ny hoe be dia be. Amin'ny ankapobeny, midika izany fa manana izay rehetra ilainao ianao, ary avy eo ny sasany - manana fitahiana tavela ho an'ny hafa ianao. Ny sitrapon'Andriamanitra dia ny hanompoantsika Azy, amin'ny fifaliana sy ny firavoravoana amin'ny maha Olony antsika, noho ny haben'ny zavatra rehetra Omeny antsika.

© 2008 - Dries Du Plessis

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny Asanao teo amin’ny hazo fijaliana. Manambara aho fa hanompo Anao amin’ny fifaliana sy ny firavoravoana noho ny haben’ny zavatra rehetra, satria Jesosy niaritra ny fahantrako mba hizarako ny Habetsahany, amin’ny anaran’iJesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-133-MLG
Nohavaozina farany: 09 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

